# Divay very

Izaho nanipy tanaty rano, tanaty rano tsy mba tsaroana,
(Ambany lanitra aiza, ho aiza, iza intsony no mahatadidy?),
Ioa fanatitra natolotra hanasinana ny foana,
Mitete vitsivitsin' ilay divaiko saro-bidy!..

Nahoana re hianao no very, ry, fisotro izay niloko?
Angamba aho nanara-tenin' ombiasy tany iray?
Angamba nisy ahiahy namatopatotra ny foko,
Nahatsiahitsiahy ny ra, raha nandraraka divay?